malgache

# La simplicité en Christ

Par Michael Cziesla
*des soixante-dix*

# Fahatsorana ao amin'i Kristy

Nataon'ny Loholona Michael Cziesla
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

*Mettre en pratique la doctrine du Christ de manière simplifiée et ciblée nous aidera à trouver de la joie dans notre vie.*

*Ny fampiharana ny fotopampianaran'i Kristy amin'ny fomba tsotra sy feno fifantohana dia hanampy antsika hahita fifaliana eo amin'ny fiainantsika andavanandro.*

## 1. Introduction

Il y a trente-trois ans, j'ai été appelé à servir comme missionnaire dans la mission d'Ogden, en Utah. Naturellement, étant originaire d'Europe, certaines traditions d'Utah, telles que la « gelée verte aux carottes » ou les « pommes de terre funéraires» me paraissaient un peu étranges !

En revanche, j'ai été profondément impressionné par l'exemple de nombreux saints dévoués menant une vie de disciple, par le nombre vertigineux de personnes assistant aux réunions de l'Église et par l'ampleur des programmes de l'Église pleinement opérationnels. À la fin de ma mission, je voulais m'assurer que ma future famille ait accès à cette joie que j'avais ressentie, et à la force et à la maturité spirituelle que j'avais observées. J'étais déterminé à revenir au plus vite mener ma vie à « l'ombre des collines éternelles».

Cependant, le Seigneur avait d'autres desseins pour moi. Le premier dimanche après mon retour de mission, mon évêque avisé m'a appelé à servir en tant que président des jeunes gens de notre paroisse. En servant ce merveilleux groupe de jeunes gens, j'ai vite compris que la joie que l'on ressent lorsqu'on est disciple du Christ a très peu à voir avec l'affluence aux réunions de l'Église

## 1. Teny fanolorana

Telo amby telopolo taona lasa izay no nahazoako ny antsoko hanao asa fitoriana tany amin'ny Misiônan'i Ogden, any Utah. Mazava ho azy fa noho izaho avy any Eorôpa dia somary hafahafa tamiko ny fomba fahandro any an-toerana, any Utah, toy ny "gélatine maitso miaraka amin'ny karaoty" sy ny "ovy fihinana rehefa misy fahoriana"

Na teo aza izany dia nahatalanjona ahy ny fanoloran-tena sy ny toetra maha mpianatry ny Tompo nasehon'ny Olomasina maro, sy ny habetsaky ny olona mamonjy ny fivoriam-piangonana ary ny lentan'ireo fandaharan'asa ataon'ny Fiangonana izay mizotra tsara avokoa. Rehefa tapitra ny asa fitoriana nataoko, dia te haka antoka aho ny mba hahazoan'ny fianakaviako any aoriana ilay fifaliana tsapako sy ny hery ara-panahy ary ny fahamatorana izay hitako tany. Nanam-pahavononana aho ny hiverina haingana ary hiaina eo amin'ny "alokalok'ireo havoana maharitra mandrakizay".

Nanana drafitra hafa anefa ny Tompo. Ny alahady voalohany taorian'ny fodiako, dia niantso ahy ny evekanay izay feno fahendrena mba ho filohan'ny Zatovolahy ao amin'ny paroasinay. Teo am-panompoana ireo vondrona zatovolahy mahafinaritra ireo no nianarako faingana fa ny fifaliana izay azo avy amin'ny maha mpianatr'i Kristy dia tsy miankina amin'ny haben'ny olona

ou l'envergure des programmes.

Ainsi, lorsque j'ai épousé ma merveilleuse femme, Margret, nous avons joyeusement décidé de rester en Europe et d'élever notre famille dans notre pays d'origine, l'Allemagne. Ensemble, nous avons été témoins de la véracité des paroles enseignées par le président Nelson il y a plusieurs années : « La joie que nous ressentons dépend peu de notre situation, mais entièrement de l'orientation de notre vie. » Lorsque notre vie est centrée sur le Christ et sur le message de son Évangile, nous pouvons recevoir la plénitude des bénédictions du disciple, qu'importe l'endroit où nous vivons.

## 2. La simplicité à l'égard de Christ

Cependant, dans un monde de plus en plus profane, complexe et déroutant, plein d'exigences et de messages différents, et souvent contradictoires, comment pouvons-nous éviter l'aveuglement spirituel et l'endurcissement de notre cœur, tout en restant concentrés sur les « choses claires et précieuses » de l'Évangile de Jésus-Christ? Pendant une période de confusion, l'apôtre Paul a donné un conseil précieux aux saints de Corinthe en leur rappelant de se concentrer sur « la simplicité à l'égard de Christ».

La doctrine du Christ et la loi de l'Évangile sont si simples que même les petits enfants peuvent les comprendre. Nous pouvons accéder au pouvoir rédempteur de Jésus-Christ et recevoir toutes les bénédictions spirituelles que notre Père céleste a préparées pour nous, en exerçant la foi en Jésus-Christ, en nous repentant, en étant baptisés, en étant sanctifiés par le don du Saint-Esprit et en persévérant jusqu'à la fin. Russell M. Nelson a magnifiquement décrit ce voyage comme étant « le chemin des alliances» et le processus pour devenir « un disciple dévoué de Jésus-Christ».

Si ce message est si simple, pourquoi semble-t-il souvent si difficile de vivre la loi du Christ et de suivre son exemple ? Il se peut que nous interprétions à tort la simplicité comme quelque

manatrika ny fivoriam-piangonana na ny lentan'ireo fandaharan'asa.

Noho izany rehefa nivady izaho sy i Margret vadiko tsara tarehy, dia nanapa-kevitra tamim-pifaliana izahay ny hijanona any Eorôpa sy hanorina ny ankohonanay any Alemana izay tany niavianay. Niarahanay nahita ny zavatra nampianarin'ny Filoha Russell M. Nelson taona maro lasa izay manao hoe: "Zara raha misy ifandraisany amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ilay fifaliana tsapantsika saingy tena mifandray kosa amin'izay ifantohantsika eo amin'ny fiainantsika izany".Rehefa mifantoka amin'i Kristy sy ny hafatry ny filazantsarany ny fiainantsika, dia afaka miaina ireo fitahiana feno amin'ny maha mpianatry ny Tompo antsika isika na aiza na aiza toerana ipetrahantsika.

## 2. Ny fahatsorana izay ao amin'i Kristy

Saingy ao anatin'ny tontolo izay mihamanalavitra ny fivavahana sy mikorontana ary mampisavorovoro, ary ahitana hafatra sy fangatahana samy hafa izay matetika mifanohitra, dia amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika misoroka ny fahajamban'ny masontsika sy ny fahamafisan'ny fontsika ka hifantohantsika hatrany amin'ireo "zavatra tsotra sy sarobidy" ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?Nandritra ny vanim-potoana feno korontana ny Apôstôly Paoly dia nanome torohevitra tena tsara ho an'ireo Olomasina tao Korinto tamin'ny fampahatsiahivana azy ireo ny mba hifantoka amin'ny "fahitsiam-po sy ny fahadiovana amin'i Kristy".

Ny fotopampianaran'i Kristy sy ny lalàn'ny filazantsara dia tena tsotra hany ka na ny zaza madinika aza dia afaka mahatakatra azy. Afaka mahazo ny hery manavotra avy amin'i Jesoa Kristy isika sy mandray ireo fitahiana ara-panahy rehetra izay nomanin'ny Raintsika any An-danitra ho antsika amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy, amin'ny fibebahana, amin'ny firosoana ho amin'ny batisa, amin'ny fanamasinana ny tenantsika amin'ny alalan'ny fanomezan'ny Fanahy Masina, ary amin'ny faharetana hatramin'ny farany. Tamin'ny fomba kanto no nilazalazan'ny Filoha Nelson an'io lalan-kizorana io hoe ny "lalan'ny fanekempihavanana"sy dingana arahina mba ho lasa "mpianatr'i Jesoa Kristy manolo-tena".

Raha tsotra toy izany ary io hafatra io, nahoana no matetika toa sarotra ny miaina ny lalàn'i Kristy sy manaraka ny ohatra nasehony? Angamba mety ho raisintsika ho zavatra mora

chose de facile à atteindre sans effort ni diligence. Suivre le Christ demande des efforts constants et un changement continu. Nous devons nous « dépouille[r] de l'homme naturel [et devenir semblables] à un enfant». Pour cela, nous devons nous « [confier] en l'Éternel» et nous libérer de la complexité, comme le ferait un petit enfant. Mettre en pratique la doctrine du Christ de manière simplifiée et ciblée nous aidera à trouver de la joie dans notre vie quotidienne, à être guidés dans nos appels, à répondre à certaines des questions les plus complexes de la vie et à trouver la force de faire face à nos plus grands défis.

tanterahana sy tsy mila ezaka na fahazotoana ny atao hoe fahatsorana. Ny manara-dia an'i Kristy dia mitaky ezaka tsy tapaka sy fiovana tsy an-kiato. Mila isika "[manaisotra] ny maha-olona araka ny nofo [antsika] sy tonga tahaka ny ankizy [madinika]".Tafiditra ao anatin'izany ny "[matoky] an'i Jehovah"sy mamela amin'izao izay zava-tsarotra, tahaka ny ataon'ny ankizy madinika.Ny fampiharana ny fotopampianaran'i Kristy amin'ny fomba tsotra sy feno fifantohana dia hanampy antsika hahita fifaliana amin'ny fiainantsika andavanandro, hanome torolalana antsika amin'ny antsontsika, hamaly ireo fanontaniana sasany izay sarotra indrindra eo amin'ny fiainantsika, ary hanome hery hiatrehana ireo olana lehibe indrindra.

Mais comment pouvons-nous intégrer concrètement cette simplicité dans notre vie de disciples du Christ, tout au long de notre existence ? Le président Nelson nous a rappelé de nous concentrer sur « la vérité pure, la doctrine pure et la révélation pure » tandis que nous nous efforçons de suivre le Sauveur. Le fait de se demander régulièrement : « Qu'est-ce que le Seigneur Jésus-Christ voudrait que je fasse ? » ouvre la voie à des directives profondes. En suivant son exemple, nous trouvons un chemin sûr à travers l'incertitude, et une main aimante et directrice à tenir jour après jour. Il est le Prince de la paix et le Bon Berger. Il est notre Consolateur et notre Libérateur. Il est notre Rocher et notre Refuge. C'est un ami : le vôtre et le mien! Il nous invite tous à aimer Dieu, à respecter ses commandements et à aimer notre prochain.

Amin'ny fomba ahoana anefa no hampidirantsika izany hoe fahatsorana izany amin'ny fomba mahomby eo amin'ny diantsika mandritra ny androm-piainana amin'ny maha-mpianatr'i Kristy antsika? Nampahatsiahy antsika ny Filoha Nelson mba hifantoka amin'ny "fahamarinana madio, fotopampianarana madio, ary fanambarana madio" rehefa mikatsaka ny hanara-dia ny Mpamonjy isika.Ny fametrahana matetika ny hoe, "Inona no tian'i Jesoa Kristy Tompo ataoko?" dia mitondra fanambarana ny amin'ny lalan-kizorana. Ny fanarahana ny ohatra nasehony dia manome lalana voaro hamakivakiana ireo zavatra tsy azo antoka eo amin'ny fiainanasy tanana feno fitiavana ary fitarihana hofihinina isan'andro isan'andro. Izy no Andrian'ny Fiadanana sy Mpiandry ondry tsara.Izy no Mpampionona sy Mpanavotra antsika.Izy no Vatolampy sy Fiarovana ho antsika.Namana Izy—namanao sy namako!Manasa antsika rehetra Izy hitia an' Andriamanitra sy hitandrina ny didiny ary hitia ny namantsika.

Lorsque nous choisissons de suivre son exemple, d'aller de l'avant avec foi en lui, d'accepter pleinement le pouvoir de son Expiation et de nous souvenir de nos alliances, l'amour remplit notre cœur, l'espérance et la guérison élèvent notre esprit, et l'amertume et le chagrin font place à la gratitude et à la patience d'attendre les bénédictions promises. Parfois, nous devons nous éloigner d'une situation malsaine ou nous faire aider par un professionnel. Mais dans tous les cas, la mise en pratique des principes simples de l'Évangile nous permet de surmonter les difficultés de la vie à la manière du Seigneur.

Rehefa misafidy ny hanaraka ny ohatra nasehony isika sy mandroso am- pinoana ao amin'i Kristy, ka mandray feno ny herin'ny Sorompanavotany, ary mahatsiaro ireo fanekempihavanana nataontsika, dia manenika ny fontsika ny fitiavana, mitaiza ny fanahintsika ny fanantenana sy fahasitranana, ary ny alahelo sy ny fanaintainana dia ho soloina fankasitrahana sy ny faharetana hiandrasana ireo fitahiana nampanantenaina. Misy fotoana isika mety mila mihataka amin'ny toe-javatra izay manimba, na mikatsaka fanampiana avy amina matihanina. Kanefa amin'ny tranga rehetra, dia hanampy antsika hamakivaky ireo olan'ny fiainana amin'ny

Nous sous-estimons parfois la force que nous recevons d'actes simples, comme prier, jeûner, étudier les Écritures, nous repentir quotidiennement, prendre la Sainte-Cène chaque semaine et adorer régulièrement dans la maison du Seigneur. Mais, quand nous réalisons qu'il n'est pas nécessaire de faire « quelque chose de difficile» et que nous nous concentrons sur la mise en pratique de la doctrine pure et simple, nous commençons à voir que l'Évangile nous « est merveilleusement bénéfique», même dans les situations les plus difficiles. Nous trouvons de la force et de « l'assurance devant Dieu», même au cœur de nos souffrances. M. Russell Ballard nous a souvent rappelé que « c'est dans cette simplicité que [nous trouverons] la paix, la joie et le bonheur».

fomban'ny Tompo ny fampiharana ireo fitsipika tsotran'ny filazantsara.

Indraindray ambaniantsika ny hery azontsika avy amin'ny fihetsika tsotra toy ny vavaka, fifadian-kanina, fandalinana ny soratra masina, fibebahana isan'andro, fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro, ary fankanesana tsy tapaka any amin'ny tempoly. Kanefa rehefa ekentsika hoe tsy mila "[manao] zavatra lehibe"isika, ary mifantoka amin'ny fampiharana fotopampianarana madio sy tsotra, dia manomboka ho hitantsika ny fomba "[hitondran'ny filazantsara] soa"ho antsika, eny fa na ao anatin'ny toe-javatra tena sarotra indrindra aza. Mahita hery sy "fahatokian-tena eo anatrehan' Andriamanitra",isika, eny fa na dia rehefa mahatsapa ratram-po aza. Imbetsaka ny Loholona M. Russell Ballard no nampahatsiahy antsika fa: "Ao anatin'izany fahatsorana izany no hahita[ntsika] ny fiadanana sy fifaliana ary fahasambarana".

La mise en application de la simplicité qui est en Christ nous pousse à donner la priorité aux personnes plutôt qu'aux processus et aux relations éternelles plutôt qu'aux comportements à court terme. Au lieu de nous laisser absorber par l'aspect logistique de notre service, nous nous concentrons sur « les choses qui importent le plus » dans l'œuvre de Dieu pour le salut et l'exaltation. Nous nous libérons pour donner la priorité à ce sur quoi nous pouvonsagir, au lieu d'être accablés par ce qui esthors de notre contrôle. Le Seigneur a dit : « C'est pourquoi, ne vous lassez pas de bien faire, car vous posez les fondements d'une grande œuvre. Et c'est des petites choses que sort ce qui est grand. » Quel encouragement puissant à agir avec simplicité et humilité, quelle que soit notre situation.

Ny fampiharana ny fahatsorana izay ao amin'i Kristy no mahatonga antsika hanao ho lohalaharana ny olona fa tsy ny dingana arahana ary ny fifandraisana mandrakizay fa tsy ny fitondran-tena mandalo kely fotsiny.Mifantoka amin' "izay zavatra manan-danja indrindra"ao amin'ny asan' Andriamanitra ho an'ny famonjena sy fisandratana isika, fa tsy revo fotsiny amin'ny fitantanana ny asa fanompoantsika. Ataontsika izay hahatonga antsika ho afaka hanao lohalaharana ny zavatra izayazontsikaatao fa tsy vesaran'ireo zavatra izaytsy azontsikaatao. Nampahatsiahy antsika ny Tompo hoe: "Koa aza ketraka amin'ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenan'ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe".Tena famporisihana hiasa amim-pahatsorana sy amim-panetrentena izany, na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra misy antsika.

## 3. Oma Cziesla

Ma grand-mère, Marta Cziesla, était un merveilleux exemple de personne qui fait « des choses petites et simples » pour que de grandes choses soient réalisées. Nous l'appelions affectueusement Oma Cziesla. Oma a accepté l'Évangile le 30 mai 1926, dans le petit village de Selbongen, en Prusse orientale, avec mon arrière-grand-mère.

Marta Cziesla (à droite) le jour de son baptême.

Elle aimait le Seigneur et son Évangile, et elle

## 3. Oma Cziesla

I Marta Cziesla renibeko dia ohatra mahatalanjona amin'ny fanaovana "zava-madinika sy tsotra" mba hahatanteraka zavatra lehibe.Oma Cziesla no fiantsoanay azy tamim-pitiavana. Nandray ny filazantsara i Oma tao amin'ny tanàna kely iray antsoina hoe Selbongen any Prusse Atsinanana, niaraka tamin'ny reniny, tamin'ny 30 mey 1926.

I Marta Cziesla (eo ankavanana) tamin'ny andron'ny batisany.

Tia ny Tompo sy ny filazantsarany izy

était déterminée à respecter les alliances qu'elle avait contractées. En 1930, elle a épousé mon grand-père, qui n'était pas membre de l'Église. À ce moment-là, il est devenu impossible pour Oma d'assister aux réunions de l'Église, car la ferme de mon grand-père était très éloignée de l'assemblée la plus proche. Mais elle s'est concentrée sur ce qu'elle pouvait faire. Oma a continué de prier, de lire les Écritures et de chanter les cantiques de Sion.

Certaines personnes ont peut-être pensé qu'elle n'était plus pratiquante, mais c'était loin d'être le cas. Lorsque ma tante et mon père sont nés, sans détenteur de la prêtrise à la maison, sans réunions de l'Église ni accès aux ordonnances à proximité, elle a de nouveau fait ce qu'elle pouvait et s'est attachée à enseigner à ses enfants « à prier et à marcher en droiture devant le Seigneur». Elle leur lisait les Écritures, chantait avec eux les cantiques de Sion et, bien sûr, priait avec eux, chaque jour. Une expérience de l'Église appliquée au foyer à 100 %.

En 1945, mon grand-père servait dans l'armée, loin de chez lui. Lorsque l'ennemi s'est approché de leur ferme, Oma a pris ses deux enfants et a quitté leur foyer bien-aimé pour chercher refuge dans un endroit plus sûr. Après un voyage difficile et dangereux, ils ont finalement trouvé refuge dans le nord de l'Allemagne, en mai 1945. Ils n'avaient plus rien, à l'exception des vêtements qu'ils portaient. Mais Oma a continué de faire ce qu'elle était capable de faire : elle priait avec ses enfants, tous les jours. Elle chantait avec eux les cantiques de Sion, qu'elle connaissait par cœur, tous les jours.

La vie était extrêmement difficile et, pendant de nombreuses années, leur principal souci était de pouvoir se nourrir. Puis, en 1955, mon père, alors âgé de 17 ans, est entré dans une école professionnelle dans la ville de Rendsburg. En passant devant un bâtiment, il a vu une petite pancarte à l'extérieur qui disait : « Kirche Jesu Christi der Heiligen der Letzten Tage » — « L'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours ». Il s'est dit : « C'est intéressant, c'est l'Église

ary nanam-pahavononana ny hitandrina ireo fanekempihavanana izay nataony. Tamin'ny taona 1930 izy no nanambady ny raibeko, izay tsy mpikamban'ny Fiangonana. Nanomboka teo dia lasa tsy afaka nanatrika ireo fivoriam-piangonana i Oma satria tena lavitra, niala avy teo amin'ilay toeram-piompian'ny raibeko ny fiangonana akaiky indrindra. Saingy nifantoka tamin'izay zavatra azony natao izy. Nanohy nivavaka, namaky ny soratra masina sy nihira ireo hiran'i Ziona i Oma.

Misy olona sasany mety nieritreritra hoe tsy nazoto intsony izy tao amin'ny finoany, kanefa tsy izany mihitsy no nitranga. Tamin'ny raiko sy ny anabavin-draiko teraka, dia tsy nisy mpihazona ny fisoronana tao an-tokantrano ary tsy nisy fivoriam-piangonana na fahafahana nanatanteraka ôrdônansy teo amin'ny manodidina; nefa dia mbola nanao izay azony natao ihany izy, ary nifantoka tamin'ny fampianarana ireo zanany ny "hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan'ny Tompo".Namaky soratra masina tamin'izy ireo izy, nihira ireo hiran'i Ziona niaraka tamin'izy ireo izy, ary mazava ho azy fa nivavaka niaraka tamin'izy ireo izy, isan'andro. Tena fiainana zato isan-jato ilay hoe Fiangonana mifototra amin'ny ao an-tokantrano izany.

Tamin'ny taona 1945 dia nanompo nandritra ny ady lehibe ny raibeko, lavitry ny fonenany. Rehefa nanakaiky ny toeram-piompian'izy ireo ny fahavalo, dia nentin'i Oma ireo zanany kely roa ary nilaozany ilay toeram-piompiana mba hitadiavany fialofana any amin'ny toerana azo antoka kokoa. Rehefa avy nandia fotoan-tsarotra sy nieren-doza izy ireo dia nahita fialofana tany Alemana Avaratra tamin'ny mey 1945. Tsy nanana na inona na inona intsony izy ireo afa-tsy ny akanjo teny an-kodiny. Nanohy nanao izay azony natao hatrany anefa i Oma: nivavaka niaraka tamin'ireo zanany izy—isan'andro. Ary nohirainy niaraka tamin'izy ireo ny hiran'i Ziona izay nianarany tsianjery—isan'andro.

Tena mafy ny fiainana tamin'izany ary nandritra ny taona maro dia ny mba hananana sakafo hohanina no hany nifantohana. Saingy tamin'ny 1955 ny raiko, izay 17 taona tamin'izany, dia nianatra tao amin'ny sekoly fianarana ny momba ny varotra iray tany amin'ny tanànan'i Rendsburg. Nandalo teo amin'ny trano iray izy ary nahita takelaka kely teo ivelany izay misy soratra hoe "Kirche Jesu Christi der Heiligen der Letzten Tage"—"Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho

de maman. » Alors, en rentrant chez lui, il a dit à Oma qu'il avait trouvé son Église.

an'ny Olomasin'ny Andro Farany". Hoy izy nieritreritra: "Mahaliana fa ity ny fiangonan'i Neny". Noho izany, rehefa tafody izy, dia nilaza tamin'i Oma fa hitany ny fiangonany.

Vous pouvez imaginer ce qu'elle a dû ressentir après presque vingt-cinq ans sans contact avec l'Église. Elle était déterminée à y assister le dimanche suivant et a convaincu mon père de l'accompagner. Rendsburg se trouvait à plus de 30 kilomètres du petit village où ils vivaient. Mais Oma n'allait pas laisser cela l'empêcher d'aller à l'église. Le dimanche suivant, elle est montée sur son vélo avec mon père, et ils sont allés à l'église.

Azonareo an-tsaina ny mety ho fahatsapan'i Oma rehefa tsy nisy fifandraisana tamin'ny Fiangonana efa ho nandritra ny 25 taona. Tapa-kevitra izy ny hanatrika ny fivoriam-bavaka ny alahady taorian'io ary nandresy lahatra ny raiko mba hiaraka aminy. 32 kilaometatra mahery niala teo amin'ilay tanàna kely nonenan'izy ireo no misy an'i Rendsburg. Kanefa tsy nisakana an'i Oma hankany am-piangonana izany. Ny alahady taorian'io dia nitaingina ny bisikiletiny izy sy ny raiko nandeha nankany am-piangonana.

Lorsque la réunion de Sainte-Cène a commencé, mon père s'est assis au dernier rang, espérant que cela se terminerait rapidement. C'était l'Église d'Oma, pas la sienne. Ce qu'il voyait n'était pas très encourageant : une assemblée constituée de quelques femmes âgées et de deux jeunes missionnaires qui dirigeaient toute la réunion. Mais ils ont commencé à chanter et ils ont chanté les cantiques de Sion que mon père avait entendus depuis tout petit : « Venez, venez, sans craindre le devoir», « Ô mon Père», « Au grand prophète». En entendant ce petit groupe chanter les cantiques de Sion qu'il connaissait depuis son enfance, son cœur a été touché, et il a su immédiatement et sans l'ombre d'un doute que l'Église était vraie.

Rehefa nanomboka ny fivoriana fanasan'ny Tompo, dia nipetraka tamin'ny dabilio farany aoriana ny raiko, sady tsy andriny izay hahavitan'ilay fivoriana. Fiangonan'i Oma io fa tsy azy. Tsy nahasarika loatra ny zavatra hitany: vehivavy efa zokiolona vitsivitsy no nanatrika teo sy misiônera tanora izay nanantontosa ny zava-drehetra hanatanterahana ny fivoriana. Saingy nanomboka nihira izy ireo avy eo, ary nihira ireo hiran'i Ziona izay ren'ny raiko hatramin'ny fahazazany: "Ndao ry Olomasina","Ô ry Ray","Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah".Nampihetsi-po azy fatratra ny fandrenesana ireo olona vitsy ireo nihira ireo hira izay fantany hatramin'ny fahazazany, ary fantany avy hatrany tsy am-pisalasalana fa marina ny Fiangonana.

La première réunion de Sainte-Cène à laquelle ma grand-mère a assisté après vingt-cinq ans est aussi celle où mon père a reçu une confirmation personnelle de la véracité de l'Évangile rétabli de Jésus-Christ. Il s'est fait baptiser trois semaines plus tard, le 25 septembre 1955, avec mon grand-père et ma tante.

Tamin'ilay fivoriana fanasan'ny Tompo voalohany natrehan'ny renibeko tao anatin'ny 25 taona no nandraisan'ny raiko fanamafisana manokana ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Natao batisa izy telo herinandro tatỳ aoriana tamin'ny 25 septambra 1955, niaraka tamin'ny raibeko sy ny nenitoako.

Plus de soixante-dix ans se sont écoulés depuis cette petite réunion de Sainte-Cène à Rendsburg. Je pense souvent à Oma, à ce qu'elle devait ressentir pendant ces nuits solitaires, faisant les petites choses simples qu'elle pouvait faire, comme prier, lire et chanter. Alors que je me tiens ici aujourd'hui à la conférence générale et que je parle de ma grand-mère, mon cœur est rempli d'humilité et de gratitude pour sa détermination à respecter ses alliances et à faire confiance au Seigneur malgré ses épreuves. Je suis touché, non seulement par son exemple, mais aussi par celui de merveilleux saints dans

Efa 70 taona mahery izay no nitrangan'io fivoriana fanasan'ny Tompo tao Rendsburg io. Mieritreritra momba an'i Oma matetika aho, hoe inona no tsapany nandritra ireo alina natrehany samirery, nanaovany ireo zavatra madinika sy tsotra izay azony natao, toy ny mivavaka, mamaky sy mihira. Eto am-pijoroako eto anio ato amin'ny fihaonambe maneran-tany, miresaka momba ny Oma, dia heniky ny fanetrentena sy fankasitrahana ny foko noho ny fahavononany nitandrina ireo fanekempihavanana nataony sy natoky ny Tompo na teo aza ireo olana. Ary tsy noho izy ihany izany fa noho ireo Olomasina

le monde qui, dans leurs situations personnelles difficiles, se concentrent sur la simplicité en Christ, voyant peut-être peu de changement maintenant, mais ayant confiance que de grandes choses arriveront un jour futur.

## 4. Les choses petites et simples

J'ai appris, par expérience personnelle, que les choses petites et simples de l'Évangile, et le fait de nous concentrer fidèlement sur le Christ nous conduisent à la vraie joie, permettent à de puissants miracles de se réaliser et nous donnent la confiance que toutes les bénédictions promises s'accompliront. C'est aussi vrai pour vous que pour moi. Comme l'a dit Jeffrey R. Holland : « Certaines bénédictions se manifestent rapidement, d'autres tardivement, certaines uniquement aux cieux, mais pour ceux qui embrassent l'Évangile de Jésus Christ,elles se manifestent. » J'en témoigne au nom de Jésus-Christ. Amen.

mahatalanjona maro manerana izao tontolo izao izay mifantoka amin'ny fahatsorana ao amin'i Kristy ao anatin'ireo toe-javatra manahirana misy azy ireo, angamba kely ny fiovàna hitan'izy ireo kanefa matoky izy ireo fa hisy zavatra goavana hitranga indray andro any,any aoriana any.

## 4. Zavatra madinika sy tsotra

Nianarako tamin'ny zavatra niainako manokana fa ireo zavatra madinika sy tsotra ao amin'ny filazantsara sy fifantohana am-pahatokiana amin'i Kristy dia mitondra antsika mankany amin'ny tena fifaliana marina, sy miteraka fahagagana lehibe, ary manome antsika fahatokiana fa ireo fitahiana rehetra nampanantenaina dia hitranga. Marina izany ho anareo sy ho ahy. Araka ny tenin'ny Filoha Jeffrey R. Holland hoe: "Ny fitahiana sasany dia vetivety dia mirotsaka, ny sasany somary taraiky, ary ny sasany kosa dia tsy mirotsaka mihitsy raha tsy any an-danitra; fa ho an'ireo izay manaiky ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy, diamirotsaka ihany izy ireo".Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany ihany koa aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.